# Ny Islam dia ny fijoronao vavolombelona fa tsy misy tompo afa tsy i Allah irery ihany ary i Mouhammad (S.A.W) no Irany, ny fananganananao ny Swalat, ny famoahanao ny ampahan-karena na ny Zakat, ny fifehezana amin'ny volana Ramadan, ary ny fivahiniana masina any Makkat raha manan-katao amin'izany ianao

Tatitra avy tamin'i Oumar (R.A), niteny manao hoe : "Indray andro izahay niara-nipetrapetraka tamin'ny Mpaminany (S.A.W), dia nisy lehilahy iray mainty volo ary manao lamba fotsy, tsy hita taratra teo aminy hoe : olona mpiavy na mpanao voyage, tsy nisy nahalala azy mihitsy na iray taminay. Nipetraka teo akaikin'ny Mpaminany (S.A.W) avy hatrany izy, napetany tamin'ny lohalin’ny Mpaminany (S.A.W) ny lohaliny, ary teo ambonin'ny fe-ny ny tànany. Avy eo niteny manao hoe : "O ry Mouhammad (S.A.W), Ampahafantaro ahy ny atao hoe : ISLAM. Hoy i Mpaminany (S.A.W) namaly azy hoe : "Ny Islam dia ny fijoronao vavolombelona fa tsy misy tompo afa tsy i Allah irery ihany ary i Mouhammad (S.A.W) no Irany, ny fananganananao ny Swalat, ny famoahanao ny ampahan-karena na ny Zakat, ny fifehezana amin'ny volana Ramadan, ary ny fivahiniana masina any Makkat raha manan-katao amin'izany ianao. Hoy ilay rangahy namaly azy : Marina tokoa ny voalazanao. Gaga izahay hoy i Oumar (R.A) satria izy nanontany indray no manamarina izay voalaza taminy. Niteny izy hoe : "Ampahafantaro ahy ny atao hoe : FINOANA na ny IMAN". Namaly i Mpaminany (S.A.W) hoe : "Ny Iman dia ny finoanao an'i Allah sy ireo anjeliny, ireo bokiny, ireo Irany, ny andro farany, ary ny lahatra tsara sy ny ratsy". Hoy ilay rangahy : "Marina ny voalazanao". Hoy indray izy nanontany hoe : "Lazao amiko ny atao hoe : hatsarana?". Namaly i Mpaminany (S.A.W) hoe : "Ny hatsarana dia ny fanompoanao an'i Allah tahaky ny mahita azy, raha tsy mahita azy ianao dia tadidio tsara fa Izy Allah dia mahita anao hatrany". Hoy ilay rangahy hoe : "Lazao amiko ovina ny fara-andro?". Namaly i Mpaminany (S.A.W) : "Na ilay anontaniana na ny mpanontany dia samy tsy misy mahalala ny figadonany". Lazao amiko ny famantarana azy. Namaly i Mpaminany (S.A.W) hoe : "Ny andevo vavy hiteraka ny tompony (lehibeny na patron-ny), ireo tsy mikapa sy miboridana, ireo mahantra, mpiandry ondry no lasa ho mpanan-karena tampoka ka hanangana trano lehibe mijoalajoala". Rehefa tapitra fanontanian’ilay rangahy dia lasa izy. Afaka andro vitsivitsy dia nanontany ahy i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Fantatrao ve ry Oumar ilay mpanontany?". Hoy aho namaly azy hoe : "I Allah sy ny Irany ihany no mahalala". Hoy i

Mpaminany (S.A.W) : "Tena marina fa i Djibril (A.S) no tonga teo iny, hampianatra anareo ny rehetra mahakasika ny finoanareo".
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Manambara atsika i Oumar ibno Al-Khattabo (R.A) fa niseho teo anatrehan'ny Mpanaradia i Anjely Gabriel (jibril), miendrika Olona tsy fantatra. Ary ny endriny rehefa niseo dia tamin'ny fitafy fotsy be, ary mainty be ny volony. Tsy hita taratra aminy ny voyage toy ny harerahana, ny vovoka, ny volo mikorontana, ny fahalotoan'ny akanjo. Tsy nisy nahafantatra azy ireo nanatrika teo, ary niara-nipetraka tamin'ny Mpaminany (S.W.A) izy ireo ka nipetraka teo anoloan'ny Mpaminany (S.W.A) ihany koa izy, tahaka fipetraky ny mpianatra, nanontany azy momba ny Finoana Islam, ary namaly azy tamin'ireo andry ireo Izy, anisan'izany ny fanekena ny Fijoroana vavolombelona roa momba ny Finoana, ny fifikirana amin'ny vavaka Soalat indimy isan'andro, ny fandoavana ny Zakat any amin'izay mendrika azy, ary ny fifadiakanina amin'ny volana Ramadany. Ny fanaovana ny Hadjy izay takina amin'ireo olona manan-katao. Hoy ilay Nanontany hoe : Marina ny Teninao. Gaga tamin'ny fanontaniany ireo Mpanaradia izay mampiseho ny tsy fahalalany ny zavatra hita ho marina, ary avy eo ny Finoany izany. Avy eo dia nanontany azy momba ny finoana, ary namaly azy tamin'ireo andry enina ireo izy, izay ahitana ny finoana ny fisian'i Allah ilay avo Tsitoha sy ny Toetrany, ny fitokanany amin'ny Asany toy ny famoronana, ny fanokanana Azy ho fanompoam-pivavahana, ary ireo Anjely izay noforonin'i Allah avy amin’ny hazavana dia mpanompo mendri-kaja izay mankatò an’i Allah ilay avo Tsitoha ary miasa araka ny Baikony, ary mino ireo Boky nampidinina tamin’ireo Irakan’Allah ilay avo Tsitoha avy Aminy, toy ny Koroany, sy ny Taoreta ny Filazantsara, sy ny hafa izay nomena ireo Iraka sy ny Mpaminany; ary mino an’ireo Iraka izay nampita hafatra avy amin'Allah, ary anisan’izy ireo dia i Mpaminany : Noa, Abrahama, Mosesy, ary Jesosy, ary ny farany tamin’izy ireo dia i Mpaminany Mouhammadi (S.W.A), i Tompo Allah anie hitahy azy ireo sy hanome azy ny fiadanana, ary ireo Mpaminany sy ny Iraka hafa ankoatr'izy ireo, ao koa ny finoana ny andro farany, Ny Andro izay ahitana ny zavatra ho avy aorian'ny fahafatesana ao am-pasana sy ny fiainan'ny Barzakh, ary ny fitsanganana amin'ny maty aorian'ny fahafatesana ary ho tsaraina ka ny fihafarany dia any amin'ny Paradisa na ny Afobe, ary mino fa Allah no mandahatra araka ny tokony ho Izy araky ny fahalalany mialoha sy ny fahendreny ary ny fanoratana izany, eo koa ny sitrapony, ary hiseho izany araka izay voatendriny sy ny nahariany azy ireo. Avy eo dia nanontany azy momba ny hatsarana, dia namaly izy fa ny hatsarana dia ny manompo an'Allah toy ny mahita Azy, Fa raha tsy mahatratra ambaratonga izany dia manompo an'Allah tahaky ny hoe : i Allah mahita azy. Ka ny voalohany dia satan'ny fahitana ary ny faharoa dia ny satan'ny fanarahamaso. Avy eo nanontany azy hoe : Ovina ny Ora farany? Nanazava i Mpaminany (S.W.A) fa ny fahalalana momba ny Ora dia isan’ireo Zavatra natokan'Allah ho azy irery ny fahalalana mahakasika izany, ary tsy misy na dia iray amin’ireo zavaboary mahalala izany, na ilay nanontaniana na ilay panontany. Dia nanontany momba ny famantarana ny Ora izy? Nanazava fa anisan’ny famantarana azy dia fahamaroan’ny Vaditsindranony sy ny Zanany, na ny fahamaroan’ny tsy fankatoavan’ny Zaza ny Reniny, ny fitondrana azy toy ny andevo, ary ny hahatonga izao tontolo izao ho maivana ho an’ny mpiandry ondry sy ny mahantra amin’ny andro farany, ary ho ataony reharehany ny haingo eto antany sy ny fanorenana trano mijoalajoala. Avy eo dia Nilaza i Mpaminany (S.W.A) fa i Anjely Gabriel (jiboril) no nanontany azy, izay tonga hampianatra ny mpanaradia ity finoana marina ity.